



Fandraisana anjara miaraka ho fanatsarana ny karazana Apemba sy Bajiry

# Fisafidianana ny saha sy fitsipika mifehy ny fametrahana ny andrana

**Rehefa hanapa-kevitra ny hametraka ny andrana aminy sahan'ny tantsaha isika dia misy lalàna sy fitsipika tsy maintsy tandrovana mba afahana miantoka ny fahombiazana ny andrana sy ny vokatra hiandrasana.**

## 1. Arovy amin'ny biby fiompy sy vorona ary bibikely ny andrana

**Tsy mahazo mitambatra saha mitovy voly ny andrana ary lavitra toerana tsy voavoly (tany makaina=jachère, lalana sns).** Ny tsy fanajana ireo fepetra ireo dia mampitombo ny mety hisian'ny fahasimban'ny biby na ny halatra izay hitarika amin'ny fatiantoka tanteraka ny andrana.




**Fadio ny mametraka ny andrana anaty voly katsaka.** Araky toetra ny rotsak'orana, ny katsaka dia mety ho lasa aloha kokoa ka tsy mahatanty ny tsy fisian'ny rano, arak'izany dia lasa irery ny andrana rehefa voajinja ny katsaka..




**Mba ho fiarovana ny andrana amin'ny tsio-drivotra sy ny fasika dia tsara ny misafidy vala tahalaka voaharo (Ohatra : voafefy amberivatry toy ny fefy velona).** Atao fefy manodidina ny sisin'ny ny andrana ny famafazana azy, izay anisan'ny mitana anjara lehibe amin'ny fiarovana ny andrana.




## 2. Ilaina azo antoka tsara ny andrana mba hialana fahasamihafana ny vokatra.

**Aza mamafy eny ambanin'ny hazo sy ny manodidina azy.** Ny aloka dia miteraka tsy fitoviana eo amin'ny andrana. Amin'ny ankapobeny dia manaratsy ny fitsirina sy fitomboana ny aloky ny hazo.

**Alaviro ny toerana miangon-drano.** Ny faritra ambany amin'ny saha dia tokony hialana rehefa mametraka ny andrana. Ny apemba sy ny bajiry dia tsy mahazaka rano be loatra aorian'ny famafazana.

**Ialana ny toerana be votry sy be vitsika ary itobian'ny fako.** Anisan'ny antony telo lehibe mahatonga ny fahasamihafana vokatra ireo. Ny vokatra azo eo dia tsy azo itokisana satria ny zava maniry amin'ireo faritra ireo mety ho hisy ho tsara sy ratsy raha oharina amin'ny ambin'ny sisa.Ka tsy mety ny mampitahy ny karazana rehetra atao eo.



Mifanakaiky ny valatahalaka ny fotokazo sy fisian'ny tobipako : ka tsy mitovy toetoetrin'ireo vala tahalaka telo ireo ka hodiso ny fampitahana karazana voly eto.

## 3. Ahena ny sakana mety mifandray amin'ny fanatanterahana ny andrana ho an'ny tantsaha mpandray andrana.

**Arindra manaraka ny tsipi-pamafazana ny saham-pamokarana ,** mba ahafahana manamora ny asa mandritra ny fambolena toy ny fiavàna sy ny fanotofana. Ny fanajana io fampifanarahana io ihany koa no afahana manakaiky ny elanelana ao aminin'ny toeram-pambolenan'ny mpamokatra.

**Tsy asiana ny lalana lehibe ao anatiny sy ny manodidina ny ny andrana.** Volena bajiry zanatany na voanjo fa tsy avela ho foana io lalana, fa manjary mandany tany fotsiny hoan'ireo mpamokatra.

